Ambohitsirohitra, faha-20 desambra 1975

- HAFATRAFATRA HO AN'NY VAHOAKA MALAGASY NATAON'NY PRDM -

Ry vahoaka malagasy,

Mitsidika ity ny vanin'andro lehibe ifamotoanan'ny tantara sy ny firenena. Avy amin'ny safidin'ny isambatan'olona tsirairay avy, izay mitambatra ho vahoaka tompom-pahefana tokana, no hananganana rahampitso : foto-kevitra, rafi-pitondrana ary fanjakana vaovao, miorina amin'ny fibanjinana lalandava ny tombon-tsoan'ny besinimaro, sy ny fanajana ny mahaolombelona.

Nifanazava malalaka isika mianakavy nandritra ny telo herinandro, momba izao fanavaozana tanteraka, hizorantsika sy ny taranaka hifandimby rehetra izao.

Nanome porofo teo imason'izao tontolo izao isika, fa vahoaka matotra, mandala fihavanana, manaja ny hevitry ny rehetra, ary saro-piaro amin'ny fitandroana filaminana ny Malagasy, ka tsy voatarikin'ny tia herisetra sy ny mpanao fihantsiana ary ny mpanamafy volam-bahiny ho enti-mamitaka ny mpiray tanindrazana.

Fandresena miezinezina ho antsika vahoaka sahady izany fahendrena nasetrintsika ny tia tena, ny mpanakorontana sy ny mpanjakazaka an-tanin' olona isan-tsokajiny izany.

Fandresena lehibe faharoa ho antsika vahoaka ihany koa ny fientanana manenika ny Nosy manontolo ankehitriny ka nahatsapan'ny tsirairay avy, fa tompon'antoka ny Malagasy rehetra eo amin'ny fanamafisana orina ny revolisiona.

Na ny tanàn-dehibe, na ny eny an-tsaha, na ny tanora, na ny zokiolona, na vehivavy, na lehilahy dia samy nijoro avokoa ary avy hatrany dia roso eo amin'ny sehatry ny tolona ho an'ny fahafahana sy ny firahalahiana, ary ny fahasambarana noho ny sosialisma aorintsika.

Porofo tsy azo afenina izao fihetsiketsehan'ny vahoaka iray manontolo izao, fa ny hetahetam-po sy fanahiny marina no raketin'ny boky mena ka tohanany sy arovany.

Miorim-paka sahady eo amin'ny isan-tokan-trano, ny isam-pokonolona, ny isam-paritany ny tsirin'ny revolisiona izay hanafaka tanteraka antsika amin'ny fiangarana sy ny tsy fitovian-tsaranga, ny tsy fananan'asa, ny fidangan'ny vidim-piainana ary ny fanararaotana samihafa nangeja antsika nohon'ny hetraketraka nateraky ny rafitra kapitalista tsy sahaza antsika.

.../...

Noho isika Malagasy tsy misara-mianakavy. Noho 'ny fitiavantsika asa vadi-drano. Noho isika miraiki-po amin'ny Fokonolona dia mazava ho azy fa manana toe-tsaina miraikitra amin'ny sosialisma nentim-paharazana isika.

Koa rafitra sy fandaminana mifanentana amin'io fomba sy toe-tsaina io no tsy maintsy ajorontsika ho enti-manatanteraka ny tanjona kendrentsika satria zara vilana, fitiavan-tena, fitiavan-kely ary fitsitokotokoana no hany ho vokatry ny fitondrana hafa noho ny sosialisma.

Ny sosialisma irery ihany no hampiara-mientana antsika Malagasy. Ny sosialisma irery ihany no afaka hampivondrona sy hahamafy orina ny herintsika. Dia mbola ny sosialisma ihany koa no hanafaingana ny fampitovian-tsaranga, ny fizarana ara-drariny ny harem-pirenena, ny fitsinjaram-pahefana, ary ny fitantanan'ny vahoaka ny lafin'asa rehetra, indrindra fa ny fitanana mivantana ny toe-karena.

Tsy mba sosialisma hosoka, na sosialisma an-tendro-molotra, na sosialisma hanafenana ny fiarovana ny tombontsoan'ny mpanjana-tany, sy ny mpanjakazaka an-tanin'olona no ifanaovantsika dina.

Fa sosialisma tsy misy pentina, manandratra ny hasin'ny fanahy malagasy, manaja ny zo aman-kalalahan'ny olombelona, miorina amin'ny fahefan'ny vahoaka, mikendry lalandava ny firaisan-kinan'ny lafy valon'ny tanindrazana iraisana.

Io tarigetra sosialista tsimialonjafy sady tsy be hatak'andro io no efa nahavitantsika sahady ireo ezaka goavana azo tsapain-tànana nandritra ny enim-bolana monja ; nanomboka tamin'ny 15 jona lasa teo.

Vao santatra am-bava rano ireny, nefa ahitana taratra sahady ny manetsabe mbola ho avy.

Aoka ho todihintsika vetivety ny lasa mba hanaovana fampitahana amin'ny maso tsy miangatra.

Andro vitsy foana talohan'ny nanolorana anay ny fahefana dia rahona maizimbe no nandrakotra ny firenena.

Lalàna miaramila no nifehezana ny tany sy ny fanjakana, nahantona ny fahalalahana mety nanembatsembanana ny fampandrian-tany ; nitebiteby, nihotakotaka ny firenena, nananontanona ny ady an-trano ; teo amorontevana ny firaisam-pirenena.

Tsy nahagaga raha nitondra faisana noho izany toe-javatra izany ny toe-karena, ka nipoitra tetsy sy teroa ny fahasahiranana sy ny fifanolanana samihafa.

Tao anatin'ny fotoan-tsarotra izany no nanendrena anay hiatrika. Fanavotam-pirenena no niantsoana ka tsy nihemotra izahay fa nijoro amin'ny maha-miaramilam-bahoaka anay.

Enim-bolana izay no niarahantsika nanarina ny raharaham-pirenena.

.../...

Niverina amin'ny laoniny ny fandriam-pahaleman'ny fiaraha-monina. Nisava ny ahiahy sy ny tebiteby. Voavitrana ny fihavanana. Miarina ny toekarena. Avotra ny Fokonolona. Mahazo laka hatrany ny ny tolom-piavotana.

Tsy tontosa velively izany tolona tsy omby tratra izany raha tsy efa tanjona sy fenitra sosialista sahady no nijoroantsika.

Voageja ny halatr'omby any amin'ny faritany atsimo. Aman-jatony ny dahalo voasambotra. Aman'alina ny omby voaverina amin'ny tompony. Tampina ankehitriny ny làlan-komban'ny olom-bitsy mpanondrana omby halatra.

Nohon'ny firaisan-kinan'ny Fokonolona dia nahomby koa ny fihazana ny mpandoro tanety voakaraman'ny mpanohariana.

Noraisina ho fananam-panjakana ny Compagnie lehibe indrindra teto Madagasikara, dia ny Marseillaise sy ireo fikambanana ary tranon'asa marobe mitambatra aminy.

Lasa fananam-pirenena koa ny banky, ny fiantohana, ny fikarakarana ny sarimihetsika ary ny fitrandrahana sy fanondranana harena an-kibon'ny tany ao Andriamena.

Dia noraisintsika Malagasy koa ny am-pahany be indrindra amin' ny tranon'asa sasany toy ny fitaterana an-dranomasina, "SMTM, PETROMAD", sy ny sisa, sy ny sisa....

Tsy tompony mangataka atiny intsony isika, fa masi-mandidy amin' ireny fananana ireny.

Tao anatin'izay enim-bolana izay koa no nanongilan-tsofina, nihaino sy namakafaka ary nandinika izay tena hetaheta sy fanirian'ny hoaka izahay ary dia nandrakitra izany tao anatin'ny Boky Mena.

Ary avy amin'io soritr'asa io no notsoahina sy nomanina ary novolavolaina ny lalàm-panorenana, izay fitaovana ho enti-manatontosa ny revolisiona.

Tsy nihanina teto an-drenivohitra foana izahay nandritra io fepotoana io fa nandeha nitsidika sy niresaka tamin'ny renivohi-paritany sy fileovana ary vakim-pileovana maro.

Mbola hitohy ny dia fa ireo aloha no tratra hatramin'izao.

Raha ny momba ny fifandraisana amin'ny fanjakana eran-tany indray no asian-teny, dia tsiahiviko fa firenena roapolo mahery no efa nandefa solontena nitsidika sy nifampidinika tamintsika, nanomboka, namitrana na nanamafy fihavanana, fiaraha-miasa ara-politika, sosialy, koltoraly, ekonomika, teknika sy ara-barotra.

Anisan'izy ireny ny Prezidan'ny Somalie, Andriamatoa SIAD BARRE, izay Prezidan'ny Firaisambe afrikana tamin'izany fotoana izany sy ny fikambanana samihafa mitolona.ho an'ny fahafahan'ny tanindrazany "Mouvement de Libération nationale", ka tononiko manokana eto ny rahalahy avy atsy

.../...

Comores, Mozambique, Angola, MPLA ary Sahara andrefana.

Tsy mba manam-petra manko ny tolona madio ho an'ny fahafahana, koa momba izay vahoaka rehetra mihoitra hanapotika ny ziogan'ny fanandevozana isika mba hanjakan'ny firahalahiana sy ny fahamarinana ary ny fandriampahalemana eo amin'ny vahoaka rehetra manerana izao tontolo izao. Ny vodilanitra no tsy maintsy valam-parihin'ny fahafahana.

Ilaina ho soritana indray ve fa henin-kaja, henim-boninahitra, henin-teny i Madagasikara eo amin'ny sehetra iraisam-pirenena rehetra, ka iraisam-pirenena rehetra, ka nahatonga azy ho voafidy ho Filohan'ny firenena eo an-dâlam-pandrosoana zato mahery ao amin'ny ONU (Firenena mikambana). Nahatonga ny tenanay ho voafidy ho Filoha-Lefitrin'ny Firaisambe afrikana OUA na dia tsy afa-namonjy fivoriana tany aza izahay noho ny toe-draharaha teto an-toerana. Nahatonga koa ny firenena tsy momba ny atsy na ny aroa hanaiky tsy misy hambahamba ny tolo-kevitra narosontsika hitakiana ny ranomasina indiana ho faritry ny fandriam-pahalemana sy hanafoanana ny toerampamaharana vahiny rehetra.

Fa amboniin'ireo zava-drehetra voatanisa ireo dia misy vokatra sarobidy azontsika avy amin'ny alàlan'ny tsangan-kevitra sosialista dia ny firaisam-pirenena voarary soa aman-tsara ka nampiverina indray ny fihavanan'ny mpianakavy manerana ny lafy valon'ny Nosy.

Jereo ankehitriny fa na mpiasa an-tanàn-dehibe, na mpamboly sy mpiompy eny an-tsaha, na mpianatra, na mpampianatra, na sendika inona, na sendika inona, na vehivavy na lehilahy dia mirohotra avokoa manohana, manotrona, nampody ventiny ny foto-kevitra sosialista raketin'ny Boky Mena, na dia tsy mitovy hevitra avokoa aza izy rehetra teo aloha.

Ho toy ny manda tehezam-pirenena no fijery azy ireo vonona hitolona, hiasa, hanao mitabe tsy lanin'ny mamba mba ho tody malaky eo amin'ny tanjona nandrandrainy hatrin'ny ela dia ny fiaraha-monina sambatra anjakan'ny rariny sy ny fitovian-tsaranga.

Sarobidy loatra izao fivondronana ny fiontanam-bahoaka tsy manampaharoa ireo, koa tsy azontsika leferina intsony ny tetika handravana izany avy amin'ny alàlan'ny fitsitokotokoana sy ny adiadilahy ary ny fifanenjehana amin'ny alàlan'ny tsangan'olona sy ny halako bika, tsy tiako tarehy.

Ny tarigetra sosialista no mampivondrona indray ny Malagasy. Ny tanjona sosialista no nanavotra ny firenena. Porofo izany fa nentimpahazarana teo amin'ny Malagasy izao firehana ho amin'ny sosialisma izao ary nanondro làla-mahitsy izahay.

Izany fenitra sosialista izany moa dia hita misongadina eo amin' ny lalàm-pirenena hifehy ny tany sy ny fanjakana.

Ny vahoaka no masi-mandidy. Ny feon'ny maro no lalàna. Ny tombontsoan'ny betsaka no hajaina amin'ny "Centralisme démocratique".

Mino izahay fa tsy hisy Malagasy mahatsiaro matotra tia tanindrazana ary mitsinjo ny ampitso, afaka hivalona fa tsy fanjakam-bahoaka no atolotra hisafidiantsika rahampitso.

. . . ./...

Fitondrana jadona na fitondran'olon-tokana ve ny fanomezam-pahefana ny solontena isaky ny ambaratongam-pokonolona rehetra, ka azon'ny vahoaka atao ny manala azy ireny raha sendra hitany fa tsy mendrika izany toerana izany izy na tsy mahavita azy ?.

Ny fanomezana fahefana feno sy malalaka ny Antenimieram-pirenena hanao lalàna, hanova izay lany andro, hampanova ny fitondram-panjakana raha misy mivaona ny fandaharan'asa nifanekena, eny hanova ny lalàm-panorenana mihitsy aza raha ilaina izany hampirindra ny fanatanterahana ny revolisiona sosialista.

Fitondran'olon-tokana na jadona ve ? Ny fiarahan'ny Filohan'ny Repoblika midinika sy maka hevitra amin'ny filan-kevitra fara tampon'ny revolisiona isaky ny misy fanapahan-kevitra politika ho raisina ?

Fitondran'olon-tokana na jadona ve ? Ny fiarahan'ny Filoha Repoblika midinika sy maka hevitra amin'ny Praiministra sy ny Governemanta isaky ny misy fanapahan-kevitra mikasika ny fitondram-panjakana sy ny fanatanterahana ny soritr'asan'ny revolisiona sosialista malagasy ?

Fitondran'olon-tokana na jadona ve ? Ny fangatahana hatrany ny hevitry ny komity miaramila momba ny fampandrosoana mikasika ny tetik'asa miaramila hampiharina eto amin'ny firenena eo amin'ny lafin'ny toe-karena sy ny fialan-tahoaka ?

Fitondran'olon-tokana na jadona ve ? No hananganana Fitsarana avo, hitsara ny Filohan'ny Repoblika raha mivadika ny tenany, na manao heloka bevava ?

Fitondran'olon-tokana na jadona ve ? No hampijoro Fitsarana avo momba ny lalàm-panorenana hampanjaka ny didy aman-dalàna eo amin'ny fifidianana, hampanaja ny lalàm-panorenana, ary handamina izay fifanolanana mety hitranga eo amin'ny andrim-panjakana samihafa ?.

Manandrata ny fahombonian'ny olombelona ny lalàm-panorenan'ny Repoblika Demokratika Malagasy. Manaja ny fanahy maha-olona ny olona. Miantoka ny fahalalahan'ny finoana sy ny fivavahana tsy misy an-kanavaka. Miaro ny fizakam-pananana ara-dalàna an'ny olona tsirairay avy. Mitandro ny zo amin-kalalahana rehetra mba tsy hisy intsony fanitsakitsahana, na fanaovana tsindry hazo lena, na kely tsy mba mamindro.

Raha ny fitsinjaram-pahefana indray no resahina dia efa hitam-poko, hitam-pirenena izao na ny fitsinjarana isam-paritany ny vola entimiasa, na ny fanaparitahana ny toeram-pianarana (Politeknika Diégo, Foibe Akademika isam-paritany), sy izay mbola ho avy, na ny fanaparitahana isam-paritany ny toeran'asa (ozina, entreprises), na izay efa natao mba hampandraisana andraikitra mivantana ny olom-pirenena rehetra eo amin'ny tandrify azy avy, ary eo anivon'ny ambaratongam-pokonolona.

Re ombieny, ombieny, fa fadiranovana hono ny vahoaka milahatra amin'ny vary, milahatra amin'ny hena sy ny menaka. Mijaly hono ny madinika amin'ny fisondrotry ny vidim-piainana. Koa tsy hisy fanafodiny raha tsy miverina ny fitondrana sy rafitra fahiny.

.../...

Aoka hazava fa voka-dratsin'ny rafitra fangoronan-karena nekena hatramin'izao no mahatonga ireo filaharana sy tsy fahampiana namboarina ireo ary ny madinika indrindra no mitondra faisana noho izany. Ho famongorana izany tetika maizina izany, indrindra no hananganantsika rafitra aratoe-karena sosialista izay tsy hampahita mangirana intsony, ireo mpamendrofendro sy mpihantsy fatra-pamita-bahoaka.

Andron'ny fanavaozana izao, andron'ny fivondronana sy fifamelana, fotoanan'ny fisorohana hatrany amin'ny fakany ny tarazon'ny fanjanahana sy ny fanjakazakana an-tanin'olona. Noho izany dia andron'ny tanora, andron'ny tena tia tanindrazana izay tsy mikasa hibodo na halahelo toerana, fa vonona kosa hanompo amin'ny fony sy ny sainy ary ny heriny rehetra ny fampanjakana ny rariny, ny tombon-tsoan'ny maro an'isa ary ny fitovian-tsaranga eo amin'ny Malagasy tsy vakivolo.

Raha ny tenanay dia tsy mba fikaroham-pahefana na fitiavampitondrana no manosika anay. Efa nambarany tery am-piandohana fa na oviana na oviana tsy miamboho andraikitra izahay noho ny maha-miaramilam-bahoaka anay.

Mino koa izahay fa amin'izao fotoam-panavaozana sy fanoeram-pirenena vaovao izao dia tsy tokony ho ny isam-batan'olona no hitaky amin' ny firenena izay tombon-tsoa heveriny fa antonona azy. Fa ny firenena no afaka ary tsy maintsy mitaky amin'ny zanany rehetra izay tokony hatao sy ho vitany ho fanavotam-pirenena.

Tsy vinanto tsy mahare fosa, na mandeha tsy voizina toa lakanjila ny zanakareo sy zandrinareo, fa mamaly kosa ny ako avy amin'areo vahoaka miantso fiaraha-mientana sy mitory fiaraha-mitolona.

Mijoro aho, ary ireharehako eo eo imason'ny firenena manontolo ny finoako sy ny fahavononako. Tsy mitady dera aho, tsy mila doka, tsy mikatsaka voninahitra. Fanompoam-pirenena no niantsoana ahy. Vonona aho raha izany no sitrakareo vahoaka ary mino, matoky koa raha matoky fa sitrakareo izany.

Tsy hikoso-maso isika, na iza mahery, na iza matanjaka, raha ny fiarovan'ny tombon-tsoam-pirenena, ny fahamarinana, ny rariny ary ny fitovian-tsaranga no tenenina.

Mangataka, miantso, mitaky ny fitsaram-bahoaka aho amin'ny asako, ny tsangan-kevitra ijoroako ary ny làla-mahitsy natoroko.

Aoka ianao ry tanindrazako handinika hahita ny marina, hikapa hahita ny soa, hitetika sendra ny mamy.

Mankasitraka, mankatelina anareo vahoaka manohana sy miara-dia amiko aho.

Ny safidinareo no feon-janahary hampiadana lalandava ny firenena, hampitraka mandrakariva ny taranaka amam-para, tsy haha-mena-mitaha ny Malagasy eo anivon'izao tontolo izao, ary tsy ho resy tondro maso eo anatrehan'ny tantara.

.../...

Ho tojo ny fahafahana sy ny fahasambarana ao anatin'ny firaisana sy fifankatiavana anie Madagasikaran'ny Malagasy !

Ho tonga ka ho ela velona anie ny Repoblika Demokratika Malagasy !
Ho ela velona anie ny Tolom-piavotana !
Ho ela velona anie Madagasikara tsy mandohalika ./.